
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY FITANTANANA NY LOZA SY NY TANDINDONDOZA









**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana**
---------------------

# LALANA LAHARANA FAHA 2015-031
## mikasika ny Politikam-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza

Ny Antenimieram-pirenena no nandany tamin'ny fotoam-pivoriana nataony tamin'ny 04 desambra 2015,

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

- Araka ny Lalàmpanorenana,
- Araka ny fanapahana laharana faha 14-HCC/D3 tamin'ny 03 febroary 2016 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana,

**DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALANA IZAY TOY IZAO NY ANDININDININY :**

**Andininy voalohany**.- Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy faha-141 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza no vaindohan-draharahan'ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana.

Izao lalàna izao no mamaritra ny Politikam-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (PNGRC).

## TOKO VOALOHANY
## NY AMIN'NY FEPETRA ANKAPOBE

**And.2**.- Ny Politikam-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza dia tsy maintsy mitandro ny fikarakarana sy ny fanamafisana ny firaisan-kina sy ny fahavononan'ny mponina hiatrika ny vokatry ny loza sy ny Tandindondoza.

**And.3**.- Ny Paikadim-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (SNGRC) dia mampivondrona ireo asa omem-pialohavana lavitr'ezaka izay mikendry ny hampitomboana ny sandan-tohitry ny vahoaka malagasy, ny an'ny andrim-panjakana eto amin'ny Firenena ary ny an'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana manoloana ny Tandindondoza mba iantohana ho an'ny vahoaka ny fomba fiaina azo ekena sy milamina.

## TOKO II
## NY AMIN'NY FENI-KEVITRA

**And.4**.- Ny lafiny ankapobe momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) dia mikasika ny asa aman-draharaha rehetra izay manampy amin'ny fitandremana sy ny fiarovana ny mponina sy amin'ny fanamafisana ny sandan-tohitra itambarambe, ao anatin'ny vinavina momba ny fampandrosoana sy ny fampihenana ny fahantrana.

**And. 5.**- Ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) dia miditra tanteraka ao anatin'ny fizotry ny fandrindrana ny fampandrosoana rehetra ary indrindra ao anatin'ny

sehatra mikendry ny fampihenana ny faharefoana, ny fanalefahana ary ny fampifanarahana amin'ny fiovan'ny toetr'andro, ary koa ny fampihenana ny fahantrana.

**And. 6.-** Ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) dia mitsinjo ny paikady, ny rafi-pitantanana, ny drafitra firotsahana an-tsehatra ary ny fepetra hafa rehetra mba hiantohana, amin'ny toe-java-misy rehetra, ny fitànana ny fepetra ilaina ho amin'ny fahatsaram-piainan'ny mponina, ary koa ny fikajiana azy eo amin'ny fiainan'olombelona, ny fananana ary ny tontolo iainana.

**And. 7.-** Ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) dia mifototra amin'ny firindrana sy ny fiaraha-mientana amin'ny asa ataon'ny mpirotsaka an-tsehatra amin'ny vonjy taitra manerana ny tanim-pirenena, amin'ny alàlan'ny rindran-damina, ny fomba fiasa ary ny paika arahina mifanaraka amin'izany, mba :

- hanamafisana ny fomba fiasa ara-pitondrana ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) amin'ny ambaratonga firotsahana an-tsehatra rehetra ;
- hampiroboroboana ny fampiasam-bola amin'ny Fampihenana ny Loza sy ny Tandindondoza (RRC) ;
- hampivoarana ny fahafaha-mampihena ny faharefoan'ny mponina sy ny mety hisian'ny Tandindondoza amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fahaizana sy ny fahalalana mikasika ny loza, mba hanamafisana ny fahafahany manohitra izany ;
- hiarovana ny tsanganasa ilaina amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ny fiainan'ny mponina, ny fananan'izy ireo ary ny tontolo iainany ;
- hiantohana ny fiarovana sy ny famonjena ny mponina, amin'ny toe-java-mitranga rehetra, amin'ny alalan'ny fanamafisana ny lafiny fiomanana ;

**And. 8.-** Ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) dia mampiditra ny toetoetry ny Fampihenana ny Loza sy ny Tandindondoza (RRC), ny tranga aterak'izany sy ny faharefoana, ary koa ny fomba fitantanana ny hamehana sy ny Tandindondoza mihitsy.

**And. 9.-** Ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) dia miankina amina paika arahina mirindra sy mahafaobe momba ny fitantanana sy ny fampihenana ny mety hisian'ny Tandindondoza, amin'ny fitsinjovana ny fepetra fisorohana, ny fanairana, ny fanomanana, ny famonjena, ny fanarenana, ny fanorenana indray ary ny fampandrosoana.

**And. 10.-** Ny Fanjakana dia mamaritra ny soridàlana stratejika lehibe sy mandrindra ny fanatanterahana ny Politikam-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (PNGRC).

Amin'izany, ny asa na mikasika ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) na mikasika ny fampihenana ny loza sy ny Tandindondoza, dia iantohan'ny Fanjakana sy ny rantsa-mangaikany, ary koa ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana manaraka ny feni-kevitra momba ny fanampiana, miaraka amin'ny fandraisana anjaran'ny fokonolona sy ny olom-pirenena rehetra.

**And. 11.-** Hisy fifanaraham-piaraha-miasa lasitra ankapobe hifehy ny fifandraisana eo amin'ny Governemanta sy ny mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena eo amin'ny lafiny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza na dia eo aza ny fehin-teny tamin'ny fifanarahana manokana ao anatin'ny sehatry ny fiaraha-miasa any amin'ny faritra sy ny fiaraha-miasa itsinjaram-pahefana.

## OKO III
## NY AMIN'NY FANATANTERAHANA

**<u>And. 12</u>. –** Ny hetsika rehetra momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza ary ny Fampihenana ny Mety hisian'ny Tandindondoza dia apetraka eo ambany fandrindrana ankapobe ataon'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta.

### Sokajy voalohany
### Ny amin'ny rafitra momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza

**<u>And. 13</u>. –** Isaky ny ambaratongam-pirotsahana an-tsehatra, ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza dia mifototra amin'ny rafitra manome tombon-dahiny manokana ireo fomba fandraisana anjara sy iarahana, amin'ny fandaminana ataony sy ny fomba fiasany, anehoana ihany koa ireo feni-kevitra momba ny fiaraha-miasa sy ny fiaraha-mientana.

**<u>And. 14</u>. –** Ny rafitra ao amin'ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (GRC) dia ahitana :

- ambaratonga stratejika ;
- ambaratonga ahafahana miasa.

**<u>And. 15</u>. –** Ny ambaratonga stratejika no miantoka ny famoronana, ny famolavolana, ny fanaraha-maso akaiky sy ny fanaovana tsy ho maty paik'andro ny Paikadim-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (SNGRC) ary ny drafitr'asany ; ny fampiroboroboana ny RRC, ao amin'ny politika isan-tsehatra momba ny fampandrosoana amin'ny ambaratonga rehetra.

Ny ambaratonga stratejika dia ivondronan'ny :

- Filankevi-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (CNGRC) izay rafitra momba ny fikaonan-doha sy fandraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny Firenena ;
- Rafitra maharitra amin'ny fanohanana ara-teknika miankina amin'ny Primatiora manampy ny Filankevi-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza sy ny Praiminisitra amin'ny asany ;
- Misy vovonam-pirenena natsangana mba ho sehatra fifanakalozana sy fiifampizarana eo amin'ny mpandray anjara rehetra eo amin'ny lafiny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza.

**<u>And. 16</u>. –** Ny Filankevi-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (CNGRC) dia ahitana :

- Filoha **:** ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Filoha-lefitra **:** ireo filoha-lefitra enina ao amin'ny Antenimierampirenena ;
- Filoha-lefitra : ny Minisitra miandraikitra ny Atitany ;
- Filoha-lefitra **:** ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola ;
- Sekretaria teknika maharitra **:** ny rafitra maharitra momba ny fanohanana ara-teknika ;
- **Mpikambana :**
  - ny mambra rehetra ao amin'ny Governemanta ankoatra ny Minisitra miandraikitra ny Atitany sy ny Minisitra miandraikitra ny Fitantanam-bola ;
  - ny masoivoho ara-teknika manana fahaizana manokana eo amin'ny lafiny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza.

**<u>And.17</u>.-** Ny ambaratonga ahafahana miasa no miantoka ny fandrindrana sy ny fanatanterahana ny Paikadim-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (SNGRC) amin'ny alàlan'ny famolavolana drafitra firotsahana an-tsehatra sy ny

fanatanterahana azy, ny fizohiana sy ny fanombanana ny asa ao amin'ireo drafitra firotsahana an-tsehatra samihafa ireo manerana ny tanim-pirenena.

Ny ambaratonga ahafahana miasa dia manana :

- rafitra aty ifotony ahafahana miasa miankina amin'ny Minisitera miandraikitra ny Atitany miaraka amin'ny rantsa-mangaika eo anivon'ny faritra ;

- Misy komity mpihevitra ireo mpandray anjara amin'ny Tandindondoza manohana ny rafitra aty ifotony ahafahana miasa.

**<u>And.18</u>.-** Ny rijan-tenin'ny didy amam-pitsipika no manoritra mazava indrindra ny karazan'ny fifamatorana eo amin'ny rafitra ary mamaritra ny ho anisany sy ny fe-potoana iasan'ireo rafitra ireo.

**Sokajy 2**
**Ny amin'ny drafitra firotsahana an-tsehatra**

**<u>And.19</u>.-** Ny drafitra firotsahana an-tsehatra dia ahitana :

- ny drafitra momba ny zava-mety hiseho mitondra loza maro loha sy kisendrasendra momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza, anatin'izany ny vonjy taitra sy ny fandaminana ny vonjy voina :

- ny drafitra momba ny fanohanana ho an'ny loza manokana.

Ny drafitra firotsahana an-tsehatra rehetra dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny drafitra fanatanterahana ny SNGRC sy tsy maintsy ahitana ny rafitra filazana fanairana.

**<u>And.20</u>.-** Ny drafitra momba ny zava-mety hiseho mitondra loza maro loha sy kisendrasendra ho an'ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza dia atao isaky ny ambaratongan'ny firotsahana an-tsehatra :

- eo amin'ny ambaratongan'ny Firenena, amin'ny alàlan'ny rafitra aty ifotony ahafahana miasa sy,

- eo amin'ny ambaratongan'ny faritra, amin'ny alàlan'ireo rantsa-mangaikany sy ireo Solombavambahoakan'i Madagasikara.

Ny drafitra momba ny zava-mety hiseho mitondra loza maro loha sy kisendrasendra momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza dia manisa ny fitaovana an'ny fanjakana sy an'olon-tsotra mety azo ampiasaina rehefa mitranga ny Tandindondoza sy mamaritra ny fepetra fampiasana azy ireo ataon'ny manam-pahefana tompon'andraikitra ho an'ny fitarihana ny vonjy voina isaky ny ambaratongan'ny firotsahana an-tsehatra.

**<u>And.21</u>.-** Misy ny drafitra fanohanana, ho an'ny loza manokana, dia velabelarina isaky ny ambaratongan'ny departemantan'ny minisitera voakasika sy ny vondron-draharaha manokana, mameno ny drafitra momba ny zava-mety hiseho voalaza ao amin'ny andininy faha-19 etsy ambony.

Eo ambany fahefan'ny Praiministra, ny Minisitra miandraikitra ny Atitany dia mandrindra sy manara-maso ny firindrana eo amin'ireo drafitra fanohanana samihafa iandraiketan'ny departemantan'ny minisitera samihafa, ny vondron-draharaha manokana eo amin'ny ambaratonga rehetra any amin'ny faritra.

**And.22.-** Eo ambany fandrindran'ny Solontenam-panjakana, ny sampandraharaha anapariaham-pahefam-panjakana miorina eo anivon'ny fari-piadidiam-panjakana isam-paritra, araka ny tranga, no tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny drafitra fanohanana eo amin'ny ambaratongany.

**And.23.-** Ny tompon'andraikitra amin'ny fanombohana ny fanairana sy ny fampandehanana ireo drafitra samihafa firotsahana an-tsehatra dia :

- eo amin'ny ambaratongan'ny Firenena, ny rafitra aty ifotony ahafahana miasa miankina amin'ny Minisitera miandraikitra ny Atitany

- eo anivon'ny faritra, ny Solontenam-panjakana mahefa any amin'ny faritra.

## TOKO IV
## FEPETRA ARA-PITANTANAM-BOLA

**And.24.-** Ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana no mametra ny fanampiana ara-tetibola ho amin'ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza, indrindra indrindra :

- isaky ny rafi-pitantanana misahana ny Loza sy ny Tandindondoza voatondro ao amin'ny andininy faha-14 amin'ity lalàna ity ;
- isaky ny Minisitera voakasika, ho amin'ny famaliana manokana sy ny fanarenana, ary koa ho amin'ny fampidirana ny Fampihenana ny Loza sy ny Tandindondoza any amin'ireo fandaharanasa aman-draharaha isan-tsehatra sahaniny ;
- eto amin'ny firenena, ny tahiry itsinjovana ny vanim-potoan-tsarotra sy ny fomba fitantanam-bola ho amin'ny fitantanana ny Tandindondoza misy fiantraikany lehibe sy ny asa aman-draharaha fanarenana araka ny soridàlan'ny ambaratonga stratejika.

**And.25.-** Eo anivon'ny faritra, ny tetibola isan-taonan'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia maminavina ny famatsiam-bolan'ireo asa aman-draharaha mifandray amin'ny fitantanana ny loza sy ny hamehana ary ny Tandindondoza araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-22 amin'ity lalàna ity.

Ankoatra izany, ny Fanjakana dia maminavina ny fanampiana ara-bola manokana omena ireo Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ho amin'ny Fampihenana ny Mety hisian'ny Tandindondoza.

**And.26.-** Ny loharanom-bola mikasika ny GRC dia ahitana ny :

- Loharanom-bola an'ny Fanjakana Manokana sy ny Tahiry ho an'ny Firotsahana an-tsehatra ;
- Fanomezana ;
- Anjara azo avy amin'ny fiaraha-miasa ifanaovan'ny firenena roa sy firenena maromaro  ary isam-paritra.

**And.27.-** Ny Fanjakana dia tsy maintsy miantoka ny fametrahana :

- ny tontolo araka ny lalàna sy ara-bola manatsara ny fampandrosoana ireo fomba fanonerana sy fiantohana ho fiarovana ny antom-pivelomana sy ny famokarana ;
- ny fomba fanohanana manokana ireo finiavana iombonana sy/na atao valin-tànana ho fanekem-piantohana ary findramam-bola ho an'ny famokarana ;
- ny fomba fitantanam-bola manokana mampandray anjara ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana, mikasika indrindra mikasika ireo loza mifandray amin'ny fananganana tao-java-dehibe sy ireo loza an-tanan-dehibe ;

- ny fomba mamporisika ara-bola ahafahana mampiroborobo ny fandraisana anjaran'ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana ;
- ny paika arahina amin'ny fanetsehana sy ny fitantanana ny tahiry sy ny fanampiana omena.

**And.28.-** Raràna ny endrika famatsiam-bola rehetra izay mety ho manana fifandraisana mivantana na ankolaka amin'ny tambajotra mpanao asa fampihorohoroana sy/na ny famotsiam-bola ny fiaviana.

**And.29.-** Ny fitantanana ara-tetibola sy ara-pitantanam-bola ataon'ny rafitra rehetra momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza isan'ambaratonga, dia fehezin'ireo fitsipika momba ny fitanan-kaontim-panjakana sy ny fanamarinana isan-taona.

## TOKO V
## NY AMIN'NY FEPETRA TETEZAMITA

**And.30**.- Mandra-pametrahana ireo rafitra voalaza amin'ity lalàna ity, ireo rafitra voafaritry ny Lalàna laharana faha 2003-010 tamin'ny 05 septambra 2003 mikasika ny PNGRC dia manohy misahana ny asany.

## TOKO VI
## NY AMIN'NY FEPETRA FARANY

**And.31**.- Hisy rijan-tenin'ny didy amam-pitsipika raisina, raha ilaina, hamaritra mazava ny fombafomba fampiharana izao lalàna izao indrindra indrindra ho an'ny Paikadim-pirenena momba ny Fitantanana ny Loza sy ny Tandindondoza (SNGRC) izay mametra ny soridàlana stratejika, mamaritra ny politika sy hevitra fototra stratejika, ka ijerena ny fivoaran'ny hevitra ary koa ny toejava-misy eto amin'ny Firenena sy iraisam-pirenena.

**And.32**.- Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity lalàna ity, indrindra ny lalàna laharana faha 2003-010 tamin'ny 05 septambra 2003 mikasika ny PNGRC.

**And.33**.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.
Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Avoaka hanan-kery ao Antananarivo, ny 12 febroary 2016

**RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial**